INBAR Technical Bulletin • #11



# Fanamboarana SARIBAO amin'ny fatana «dôme»

**Madagascar**

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK FOR BAMBOO & RATTAN

This project is funded by the IFAD

IFAD
Investing in rural people

This project is funded by the European Union



## FAMPIDIRANA:

Ny volobe dia anisan'ireo tena haingam-paniry indrindra. Ny fampiasana volobe anaovana saribao dia ahafahana manolo ny saribao vita amin'ny hazo ary mampihena ny fanimbana ny ala. Anisan'ny safidy mampidibola ho an'ny tantsaha sy ny fiaraha-monina ny fambolena volobe sy ny fanodinana azy ho saribao.

Ny fanaovana sarobao amin'ny volobe dia amin'ny alalan'ny fomba atao hoe "pyrolyse" izany hoe fanovanàna ny raha amin'ny alalan'ny hafanana izay tsy ampiasàna rivotra (oxygene) na ampiasàna rivotra voafetra. Ny volobe dia toy ny hazo na ny zavatra hafa afaka manome hafanàna betsaka ary koa misy carbone. Raha oharina amin'ny saribao vita amin'ny hazo nefa, ny saribao vita amin'ny volobe dia misy kilavadavaka madinika kely betsaka kokoa, manana toerana ivelany betsaka kokoa ary manana fahafahana hitazona singa hafa betsaka kokoa. Noho ireo toetra voalaza ireo, ankoatry ny fampiasana azy amin'ny angôvo dia azo ampiasaina amin'ny zavatra hafa betsaka ihany koa toy ny (a) fandiovana sy fisintonana loto amin'ny rano sy rivotra (rano fisotro, rivotra maloto, filtre à air, masque à gaz) (b) fahasalamana andavanandro, (c) fanalàna fofona, (d) haingo trano, (e) sakafo, (f) fandonahana tany sns.

## NY AKORA AMPIASAINA

Azo anaovana saribao avokoa ny karazana volobe rehetra.

Ny tahony boribory, ny fakabe, ny tendrony, ny sampany, ny silany, ny sisa tsy lany nanaovana fanaka sns (ankoatry ny vovoka volobe) dia azo amokarana saribao avokoa.

**Fanamarihana:**

- Mba azahoana kalitaon-tsariba tsara dia volobe efa matoy (3-5 taona) no ampiasaina satria efa kely ny hamandoana sy ny amidon ao anatiny.
- Tokony ho 20 – 25% ny hamandoana ao anatiny. Raha manapaka volobe amin'ny andro manorana dia mila amainina mandritra ny andro maromaro ny volobe.
- AZA AFANGARO anaty fatana ny endrika volobe samihafa mba hahamora ny fandaharana azy sy hahatsara ny famadihana azy ho saribao.

## NY DINGANA ARAHINA

### Fanapahana

Tapaho araka izay halavany ilaina azy ny volobe mba ho omby anaty fatana sy hahamora ny fampidirana sy ny fandaharana azy.



### Fampidirana anaty fatana

Avy ao amin'ny varavarana ao ambany no ampidirina ny volobe voatapaka ao anaty fatana.



### Fandaharana

Alahatra mitsangana ka ny anatiny lavitra ny varavarana no fenoina mialoha.

Fenoina hatreo amin'ny varavarana.





Rehefa feno ny fanambaniny dia fenoina ihany koa ny tapany ambony.





Fenoina atao iboka tsara ary asiana tapatapaka volobe ny toerana mbola misy malalaka mba hahatsara ny fandorana sy ny famadihana ho saribao.

## DINGANA ARAHINA (tohiny)

Asio kitay menaka na tapatapakazo mora arehitra any antampony.



Akatony ny varavarana manoloana amin'ny alalan'ny biriky laharana iray.



Lalory ihany koa ny varavarana vao avy notsentsenana teo mba tsy hisy rivotra miditra.



Aza mbola misy tapenana ireo lavaka rehetra fa avelao ivoha.



Fandrehetana : Avy any ambony ihany no ampiretana ny fatana ary avela ahazo rehitra tsara ao anatin'ny minitra vitsy.







Rehefa nahazo rehitra tsara dia saramana ilay vy boribory ny tampony ary asiana fetapotaka ny amboniny sy ny manodidina azy mba tsy hivoaka ny lelafo ary mba tsy hiditra ny rivotra.

## DINGANA ARAHINA (tohiny)

Rehefa voasarona ny tampony dia manomboka mivoaka amin'ny lavaka aty ambany ny setroka.



Arahimaso ny fivoaran'ny fanamboarana saribao amin'ny alalan'ny loko sy ny fofon'ny setroka.



**Dingana "fanamainana":** Fotsy, matevina ary misy hamandoana ny setroka mivoaka.

**Dingana "fandorana":** Mivadika ho volondavenona / matroka manopy mavo ny setroka ary misy fofona tara

**Dingana "famaranana":** Mivadika ho fotsy manopy mangakely na fotsy azo itarafana ny setroka.

Idina tsirairay manomboka avy any ambony ny lavaka hita va mamoaka setroka fotsy manopy manga/azo itarafana. Biriky no atsetsina ny lavaka ka lalorina feta avy eo.

*Fanamarihana: raha toa ka manila ny afo anaty fatana dia azo atao ny manidy na mamoa ny lavaka amin'ny ilany mba ampiditra/manakana rivotra amin'ny ilany.*



Araho maso raha misy mitriatra na mamoaka setroka ny vatan'ny fatana ka mila tsentsenana amin'ny feta izany. Avela hikatona tanteraka ny fatana mandra-pangatsiakany tanteraka. Mampidi-doza ny famohana mialoha ny fatana sy ny tsy fanarahamaso ny mitriatra satria mampirehitra ny saribao sy mamorona lelafo miredareda.

Mahatratra 8 ka hatramin'ny 24 ora ny fanaovana saribao. Miankina amin'ny halehiben'ny tapaka volobe nampiasaina sy ny halehiben'ny fatana ny fahelany.

Avelao ihidy 1 na 2 andro ny fatana mandra-pangatsiakany. Miakina amin'ny toetrandro ihany koa ny fahelan'ny fampangatsiahana.

60°C ny hafanana tena tsara Hanokafana ny fatana. Rehefa zatra dia tsapaina amin'ny tanana fotsiny ny ivelan'ny fatana dia fantatra fa efa azo sokafaka izy.

Aza sokafana ny fatana mbola tsy mangatsiaka tsara fa mety hiverina hirehitra ny afo mbola tsy maty raha vao sokafana ka mahazo rivotra (oxygène).

Sokafy ny varavarana rehefa azonao antoka fa maty ny afo Ho famailona sy fitandremana dia ataovy akaiky ny rano anaty barika sy sô hamonoana afo raha sanatria ka misy firehetana tampoka.
Marihina fa raha misy afo tsy maty anaty fatana dia tampoka tokoa ny fiverenan'ny afo mijo-lofotra.



Sokafy ny sarona avy eny ambony avy eo mba hive-zivezen'ny rivotra.





**Fakàna ny saribao:**
Esory ny saribao ao anaty fatana ary azo pitihina rano kely raha toa ka mamay. Manimba ny kalitaon'ny saribao ny fandemana azy amin'ny rano be loatra fa tandremo.





**Fanadiovana: Diovy ny fatana amin'ny fakàna ny lavenona sy ny potika saribao. Tsentseno lalotra ny rindrina raha misy vakivaky na mitriatra.**



*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena*


Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:

INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing 100102, P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int